MINISTÈRE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE

SECRÉTARIAT GÉNÉRAL

DIRECTION GÉNÉRALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

Service du Baccalauréat

MESUPRES

BACCALAURÉAT DE L'ENSEIGNEMENT GÉNÉRAL

SESSION 2022

| | | | |
|---|---|---|---|
| Série | : Scientifique | Épreuve de | : MALAGASY |
| Options | : S | Durée | : 04 heures |
| Code matière | : 005 | Coefficient | : 3 |

# MALAGASY

**NB: - Tsy maintsy atao ny laza adina I**
**- Isafidianana ny laza adina II**

## I. LAZA ADINA I: tsy maintsy atao (isa 06)

1. a) lazao ny karazan'ireto asa soratra ireto: **(isa 02)**
   - Vakivakim-piainana
   - Ny fanagasiana

   b) Omeo tsirairay ny mpanoratra ireo boky ireo

2. a) Manomeza ohabolana roa mikasika ny tsiny **(isa 02)**

   b) tsoahy avy amin'izay ny toetrany

3. a) Fenoy ny iray amin'ireto teny ireto ny banga ao amin'ny $F_1$ sy $F_2$:
   - Manantona
   - Manatona

   $F_1$: Raha misy tsy metimety dia aleo.............tobim-pahasalamana **(isa 02)**

   $F_2$: ....................ny kitapony ny mpianatra.

   b) Lazao ny maha samy hafa ireo teny roa ireo.

## II. LAZA ADINA II: Isafidianana ny A sy B (isa 14)

### A- FAMAKAFAKAN-KEVITRA

Hoy ity mpandinika iray:

"Tsy mahaleo tena ny olombelona fa ny firaisany amin'ny besinimaro no ahavitany tena sy mahatonga lafatra azy".

**Fakafakao.**

### B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA

**Ny tsiny**

Sarotra ny tsy hananan-tsiny. Aoka ilazako ohatra kely ianao: Siny tokana ny azy telo mianaka nentiny nantsaka ka nony niloloha Rangahy, nanome tsiny azy ny lahy antitra rehetra. Niloloha kosa Rafotsy, nanome tsiny azy ny vehivavy rehetra .Nampilolohavina an'Ilaikely indray, nanome tsiny azy ny ankizy rehetra, hany hery niarahan'izy telo mianaka nivimbina, ka nanakora ny olona rehetra, fa siny zakan'olon-drery ka ifandrombahan'olona telo. (…)

Tsy azonao atao ny handositra ny hatsiaka, fa ny fitafiana atao tsara tevina, tsy hainao koa ny tsy ho voatsiny fa ny toetranao ihany atao tsara tandrina. Ny hahafa-tsiny ambony indrindra dia ny tsy manao fialana na manohi-bava aza, fa ny mampiseho ny toetra sy ny asa mifanohitra amin'ny faniniana ataon'ny hafa.

RAJAONAH TSELATRA,
**in Vary amin' anana, tak.192**

**Hadihadio io lahatsoratra io.**